Kabarin-dRajoelina teny Mahamasina 3
**Mifanohitra amin'ny zavatra iainan'ny Malagasy**

Ambohidrapeto Atsimondrano 2
**Ankizy 3000 nahazo arendrina, mpiasa 76 nomena mari-pankasitrahana**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Talata 28 jona 2022 Laharana 1313 Vidiny : **500 Ar**

www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


Olana ara-pivavahana 6
**Nanani-bohitra tao amin'ny Fiangonana Moria Itaosy ny FPVM**

Kianja Barea Mahamasina 3

## Tsy tombola, na Rajoelina no nojeren'ny olona fa ny fety



26 jona tany amin'ny faritra Atsinanana 3

## Tsy nitsanga-menatra ny TIM Toamasina




Vehivavy TIM Frantsa 2

## Nanampy ireo sahirana mandray anjara hampandroso firenena




Fanofanana mpiasa 7

## Orinasa 2 hetsy no voakasiky ny fiaraha-miasan'ny FMFP sy ny CCIA



Efa vita ny fety 6
**Raim-pianakaviana mbola tratra nangalatra gisa**

Bemanonga Morondava 6
**Tafakatra 8 ireo maty noho ny fihinanana soka-dranomasina**

**Daka kely**

Teny ifanomezana faha-4 ao amin'ny Map ange leity ny fikaonandoha momba ny tantsaha nataon'ialahy isany ry Boaikely a !

RMDM Analamanga

# Nanome arendrina ankizy miisa 550 noho ny fetim-pirenena

Tsy nijery fotsiny ireo ankizy sahirana teny amin'ny fokontany Ankadindratombo, Sud Ambohipo ary Est Mahazoarivo kaominina Alasora distrikan'Antananarivo Avaradrano ny rodoben'ny mpanohitra ho an'ny demôkrasia eto Madagasikara: RMDM Analamanga. Nisy ny fizaràna arendrina sy vatomamy teny an-toerana, ka ankizy miisa 550 no nisitraka izany. Nanambara ny filohan'ny RMDM Analamanga Andriamatoa Tsiry, sy ny mpanampy azy Andriamatoa Robert, fa tsy maintsy mijery ny vahoaka Malagasy ny mpanohitra eto Madagasikara na tsy eo amin'ny fitondràna aza, satria tena tsapa fa mandalo fahasahiranana ny Malagasy, ka na arendrina aza dia efa tsy voavidy intsony. Ny vidim-piainana moa dia efa tsy lazaina intsony, satria tsy laharam-pahamehana ho an'ny fitondràna izany fahasahiranan'ny vahoaka izany. Faly ireo ray amandreny sahirana nandray ny fanomezana, satria mba afaka nifaly nitondra arendrina ireo kilonga madinika, ny kilalao vita sinoa iaraha-mahalala fa tsy takatr'izy ireo ihany koa. Fanandratana ny arendrina vita Malagasy koa izao nataon'ny RMDM Analamanga izao.



***Helisoa***

Vehivavy TIM Frantsa

# Nanampy ireo sahirana, mandray anjara hampandroso firenena

Efa manenika izao tontolo izao ny vehivavy TIM, isan'izany ny ao Frantsa, izay mandray anjara mavitrika hampandroso firenena, manao asa sôsialy araka ny nambaran'ireo mpitarika any antoerana. "Vehivavy mahery fo, mijoro sy mahefa " no teny filamatry ny vehivavy TIM Frantsa. Ny irarian'ireto farany dia mba ho lalimpaka ao ampon'ny vehivavy rehetra io teny filamatra io eo ampanatanterahana ny andraikitra raisina eo anivon'ny fianakaviana sy ny fiaraha-monina ary eo amin' ny toeram-piasàna misy eo amin'ny sehatra rehetra. Manoloana izany indrindra dia nahatsiaro ireo sahirana aty an-tanindrazana ny vehivavy TIM Frantsa, ka nandefa fitafiana, lamba firakotra, sakafo tamin'ny alalan'ny orin'asa Raim's Logistique, izay nitondra maimaimpoana ireo entana ireo. Ka olona sahirana miisa 160 teny Ambohitrarahaba kaominina Ankadikely Ilafy distrikan'Antananarivo Avaradrano no nisitraka izany teny antoerana ny herinandro teo, nialohan'ny fetim-pirenena. Nisaotra ny vehivavy TIM Frantsa ny filohan'ny vehivavy TIM Analamanga Rahelisoa Arphine, fa zava-dehibe ny nataon'izy ireo nahatsiaro ny mpiray tanindrazana aminy tamin'izao fetin'ny Asaramanitra izao. Manainga ny vehivavy rehetra izay manana traik'efa sy manam-paniriana ny hitondra ny anjara birikiny hampandroso ny firenena, mba tsy hisalasala hirotsaka vehivavy TIM aty Madagasikara na any Frantsa ny vehivavy TIM Frantsa araka izay efa natomboky ny filoha Marc Ravalomanana, filoha nasiônalin'ny antoko Tiako i Madagasikara.




***Ny Valosoa***

Ambohidrapeto Atsimondrano

# Ankizy 3000 nahazo arendrina, mpiasa 76 nomena mari-pankasitrahana

Niavaka ny fankalazana ny faha-62 taona niverenan'ny fahaleovantena tamin'ity taona ity, tao amin'ny kaominina Ambohidrapeto, distrikan'Antananarivo Atsimondrano tarihan'ny ben'ny tanàna Mihary Andriantsilavo, voafidy avy amin'ny anaran'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM). Notoloran'ny kaominina arendrina sy vatomamy ny ankizy miisa 3000, avy amin'ireo fokontany mandrafitra ny kaominina, mpiasa miisa 76 nahavita be tao amin'ity kaominina ity koa, no notoloran'ny fiadidiana ny tanàna mari-pankasitrahana. Ny sabotsy 25 jona atoandro, nampisakafo ireo zokiolona maro ao anivon'ny kaominina Ambohidrapeto koa ny fiadidiana ny tanàna noho ny fetim-pirenena izay. Ny alahady fetim-pirenena, notokanana ny kianja fanaovana basket-ball vao vitan'ny kaominina. Ny tolakandro, nisy ny famaranana lalao baolina kitra nanoloran'ny ben'ny tanàna Mihary Andriantsilavo omby mifahy ho an'ny mpandresy.

***Isambilo***



*Kianja fanaovana basket-ball vitan'ny kaominina, notokanana ny alahady teo.*

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Fiandrianam-pirenena

# Mitaky asa mivaingana fa tsy vitan'ny vava fotsiny ny fiarovana azy

Tontosa iny ny fankalazana ny fiverenan'ny fahaleovantena. Samy nanana ny fahitany ny fety fankalazana izany, izay natao teny amin'ny faritra samihafa nanerana ny Nosy, na indrindra ny teny amin'ny kianjaben'i Mahamasina ny olom-pirenena tsirairay. Samy nanana ny niainany manokana tany aminy avy ihany koa ny rehetra, izay amin'ny ankapobeny miaina anaty fahantrana. Mitondra inona ho amin'ny fiainam-bahoaka ireny renty sy seho samihafa teny Mahamasina ireny? Fanamboarana ny saim-bahoaka tsy hahatsiaro ny maha firenena faraidiny azy maneran-tany ve?
Raha niresaka fiandrianam-pirenena sy nanontany izany an'ireo foloalindahy i Andry Rajoelina, sy namaly ireo hoe "vonona", dia mahalasa ny saina ihany? Nazava ny tenin'ny olobe, akademisiana, mpandalina tantaram-pirenena, ary nahitsy ny nambarany ny amin'ny fahitany ny fanjakazakan'ny vahiny eto amin'ity firenena ity, ao anatin'izao fitondrana izao. Raha tsy hijery afa-tsy izay fotsiny aloha, dia efa " mampihomehy" araka ny fiteny ankehitriny ny zava-misy ataon'ny fitondrana. Ankoatra izany, efa lasa nangina ingahy filohan'ny Repoblika, tsy namerina ny teniny intsony, roa taona izao, ny momba ny fitakiana ny famerenana ireo Nosy Malagasy bodoin'ny fitondrana frantsay fotsiny izao. Nanao angoan-tenda anefa tamin'ny faha-60 taona ny fiverenan'ny fahaleovantena, fa hoe tsy maintsy tafaverina ireo Nosy ireo. Taorian'izay nangina ny tenany, indrindra rehefa tafaverina avy any Frantsa nihaona tamin'ny filoha Macron. Ny fiandrianam-pirenena malagasy mihitsy anefa no voatohintohina amin'izany, ka inona ity ambara isaky ny 26 Jona ity manoloana ny foloalindahy? Miteny ka mba miteny fotsiny ihany ho fisehosehoana sy fihatsarambelatsihy?
Ny olom-pirenena maro dia samy mahatsapa ankehitriny, fa tsy mbola manana fahaleovantena marina izany isika Malagasy amin'izao faha-62 taona izao. Miha-mafy hatrany ny geja atao amin'ny firenena. Tsy ampy araka izany ny fahatsapana fotsiny, fa mila mandray andraikitra tanteraka ny olom-pirenena momba ny tanindrazana, izay tena miandry fanavotana tokoa, ary adidy lehibe sy masina izany. Tsy atao resaka fotsiny toy ny hatramin'izay ny hasarotam-piaro, sy ny fiarovana ny fiandrianam-pirenena, fa mitaky hetsika mivaingana.

***Sôh'son***

26 jona

# Niarahaba ny vahoaka Malagasy ny filoha Amerikana Joe Biden

Noho ny faha-62 taonan'ny nitsingerenan'ny niverenan'ny fahaleovantenan'i Madagasikara, ny 26 jona teo, niarahaba ny vahoaka Malagasy tsivakivolo ny filoha Amerikana Joe biden, na ny filoha Joseph R. Biden Jr.
« Andriamatoa Filoha,
Amin'ny anaran'ny vahoaka Amerikana, no iarahabako anao sy ny vahoaka Malagasy, noho ny fitsingerenan'ny faha-62 taona nahazoana ny fahaleovantena ny 26 jona.
Manamafy ny fifandraisan'ny firenentsika ny fahavononan'ny roa tonta hanamafy ireo rafitra demokratika matanjaka samihafa, hiatrika ireo ambana vokatry ny fiovaovan'ny toetry ny andro ary hamporisika ny fivoarana ara-toekarena maharitra. I Etazonia dia mirehareha, fa nitondra fanampiana ho an'ny maha-olona ho an'ny vahoakan'i Madagasikara, entiny hiatrehana ireo takaitra ateraky ny haintany lavareny sy ny rivodoza maro. Izahay dia manantena ny hitohizan'ny fiaraha-miasa eo amin'ny firenentsika tonta, ho amin'ny tanjona iraisana, amin'ity taona ity, » hoy ny fanambarany.

***Nangonin'i Stefa***



*Ny filoha Amerikana Joseph R. Biden Jr.*

## Ny Valosoa sy hadihady

### Kabarin-dRajoelina teny Mahamasina

# Mifanohitra amin'ny zavatra iainan'ny Malagasy

Nitalakotrokotroka sy namirapiratra ary nanadinoina ny fahoriana tokoa ny fankalazana ny fetin'ny 26 Jona tamin'ity taona ity. Natomboka tamin'ny hiram-piderana ny Alahady lasa teo izany, ka tsy nijanona tamin'izay fa niampy tsodrano sy « faminaniana » nomen'ny mpanakanto ara-pilazantsara iray an-dRajoelina Andry. Andriamanitra hono no nametraka ity filohan'ny Repoblika ity eo amin'izany toerana izany, samy manana ny fijeriny amin'ity toe-javatra ity satria ny mpanjakan'ny zanak'Israely voalohany dia tsy nankasitrahan' Andriamanitra kanefa nisisika ireto mpihodina ireto, ka nampitondrain'ilay mpanjaka faisana. Efa nampitandreman' Andriamanitra ny zanak'Israely fa hijaly raha mihodina Aminy kanefa tsy niraharaha izany ireto vahoaka maditra ireto. Izany fotoam-pivavahana izany dia tsy maintsy mifarana amin'ny fisaorana an'Andriamanitra ary Antsam-piderana no natao tao Mahamasina kanefa dia dihy manara-penitra no hita tao ary na ny « olom-boahositra » aza dia nirona nanaraka izany. Ny mifanohitra amin'izany kosa ny teny Analamahitsy notarihan'ny Fivondronan'ny FiangonanaKristiana eto Madagasikara (FFKM) satria tsy nisy nanao faminaniana na nitsodrano olona, fa nivavaka ho an'ny Firenena tokoa, mba hivoaka amin'izao loza maro iainany izao. Tsy nisy raiamandreny ara-pivavahana nitsodrano na iza na iza na nanao faminaniana teny Analamahitsy, satria tsy misy mpaminany ka hanao izany sahady herintaona mahery kely mialohan'ny fifidianana ary tsy misy mahafantatra izay haloaky ny ampitso. Nanomboka tamin'io alahady io ihany koa ny fanomanana ny fiatrehana ny 26 jona, ka novaina avokoa ny làlana nizoran'ny fiara nandalo tao Mahamasina, izay nampimenomenona ny mpampiasa fiara izany toe-javatra izany. Raha ny nahatsapana azy dia hadino izany rehefa tonga ny andro mialohan'ny fety, satria efa tsinjon'ny mponina teto Antananarivo fa halaza ny hetsika rehetra manodidina izany. Ny 25 jona tolakandro dia efa namonjy ny tanàna ambony ny vahoaka satria eny no mahatazana tsara ny eo Anosy, izay nanapoahana ny afomanga. Tsy vitsy koa ny nitanjozotra nankeny Anosy toy ny isan-taona ary iaraha-mahalala fa mahasarika olona maro ny afomanga ary tsy mahagaga izany, satria in-dray mandeha isan-taona ihany no misy izany. Tsy teny Anosy ihany no tomefy olona fa teny amin'ny Araben'ny Fahaleovantena ihany koa ary mazava ho azy, fa tsy afaka misaraka ny fety sy ny zava-pisotro misy alikaola. Tsy mbola nisy toy izany koa ny olona nitanjozotra sy nifanisika nankeny amin'ny Kianjan'i Mahamasina nijery ny matson'ny foloalindahy ny 26 Jona maraina. Nangorom-potsy araka ny fitenenana ny teo Mahamasina ary nifanohitra amin'ny zavatra iainan'ny Malagasy ny kabarin'ny filohan'ny Repoblika Rajoelina, izay nilaza fa « tandroka aron'ny vozona » ny foloalindahy satria ny dikan'io dia « miaro ny vahoaka sy fananany » ny foloalindahy. Tsy izay ny zava-misy satria tsy mbola nisy toy izao tsy fandriampahalemana izao teto amin'ity Nosy ity nandritra ny 62 taona, ka mandry tsy lavo loha ny mponina, tsy any ambanivolo ihany, fa ety an-tanàn-dehibe ihany koa. Namirapiratra sy naresaka tokoa ny tanàna raha ny teto an-drenivohitra no resahina ary samy niezaka nanadino ny fahasahiranana iainany isan'andro ny mponina. Toa nihavana daholo ny « mpifahavalo » ara-politika ka maro tamin'ireo nasaina no tonga nanatrika ny matso tetsy Mahamasina, satria mariky ny fifanajana hono izany, aryfetin'ny foloalindahy no natrehina fa tsy misy idiran'ny resaka politika. Misy milaza koa fa mariky ny fiandrianam-pirenena ny foloalindahy kanefa tena manana izany fiandrianany izany tokoa ve ity Firenena ity satria miankin-doha amin'ny any ivelany tanteraka ny fampihodinana ny fiainam-pirenena eo amin'ny sehatra rehetra. Vita ny fety ka tsy maintsy hiatrika ny fiainana andavanandro amin'izay ny vahoaka Malagasy. Etsy andaniny dia hanomboka hono ny Làlam-pirenena faha-13, hiainga ny fananganana ny "fly over" sy ny "Tanamasoandro", efa nisy ny tsara vintana ka nahazo ny "tranomora" eny Imerintsiatosika… Etsy andaniny kosa dia tsy maintsy hatrehina ny vidin-tsolika hiakatra sy izay haterak'izany. Mbola hitohy ny fanjavonan'ny harem-pirenena sy ny fanenjehana sy ny fanagadran'ny mpitondra ireo tsy mitovy hevitra aminy. Azo antoka fa tsy hifarana eo akory ny fitotongan'ny fiainan'ny Malagasy ka hifarana tamin'ny fety iny ny fahoriana.

***Andry Tsiavalona***

26 jona tany amin'ny faritra Atsinanana

## Tsy nitsanga-menatra ny TIM Toamasina

Nandray anjara navitrika tamin'ny filaharambe, ho fankalazana ny faha-62 taona niverenan'ny fahaleovantenam-pirenena tany Toamasina, renivohitry ny faritra Atsinanana ny avy amin'ny antoko Tiako i Madagasikara: TIM Toamasina. An-jatony maro ireo mpikatroka avy amin'ny antoko najoron'ny filoha Marc Ravalomanana no nandray anjara tamin'izany matso tany Toamasina izany: tao ny Dis-TIM Toamasina, ny Tanora TIM ary ny Vehivavy TIM any amin'ny renivohitry ny faritra Atsinanana. Tsy nitsanga-menatra izy ireo, fa anisan'ny maro an'isa tamin'ny fandraisan'anjara tamin'izany matso ho fankalazana ny 26 jona izany. Nitarika azy ireo nandritra izany ny filohan'ny Dis-TIM Toamasina, sady avy amin'ny comité ad'hoc, Malalaniaina Andrianarifera dit Niaina. Tao aorian'ny filaharana, nisy ny fihaonan'izy ireo tao amin'ny QG Ambodisoanambo, tamin'izany no nilazany fa miasa miaraka hatrany no fahombiazana araka ny anisan'ny filamatry ny filoha mpanorina, izany hoe: ilaina hatrany ny firaisankina ao anivon'ny antoko, hitondra ho amin'ny fandresena amin'ny fotoam-pifidianana ho avy.

***Isambilo***



*Ny avy amin'ny antoko TIM Toamasina, nandray anjara tamin'ny matso, tany amin'ny Araben'ny Fahaleovantena tany amin'ny renivohitry ny faritra Atsinanana.*

**KIANJA BAREA MAHAMASINA**

## Tsy tombola, na Rajoelina no nojeren'ny olona fa ny fety

Loka voalohany tamin'ny tombola natao tetsy amin'ny kianjaben'i Mahamasina ary nosarihan'ny filoha Andry Rajoelina ny alahady teo, ny fahazoana Trano Mora eny Imerintsiatosika distrikan' Arivonimamo faritr'Itasy. Mbola tsy nahazo ny lakilen'izany trano hatreto ilay tovovavy nahazo ny loka. Fisehoana fotsiny ny teny Mahamasina, fa ny fanatanterahana ny fahazoana ilay trano dia mbola an-dalana. Arak'izany, trano mbola tsy vita no nosarihana, ka heverina homena ilay tovovavy nahazo izany loka voalohany izany, tena azo lazaina ho famitahana izany no nataon'izao fitondrana Rajoelina izao ny alahady teo, mahakasika io fanomezana trano tamin'ny tombola io. Ny loka faharoa sy faha-3 kosa dia tena nisy : moto sy i-phone 14. Ireo loka nozaraina ny alahady teo dia voalaza fa an-jatony mahery, nisy telefônina, thermos, kits solaires,… Tsy voazara hatramin'ny farany anefa izany, soa ihany fa tsy ny tombola no naha-maika ny olona teny Mahamasina, na ny filoha Rajoelina, fa ny hijery fety, fa raha tsy izany angamba dia mbola ho korontana be koa raha nieritreritra izany tombola izany tokoa ireo mpijery.



*Ny fety teny Mahamasina ny alahady teo.*

***Ny Valosoa***

### TONONKALO

## Ry Vorompotsy sy ry Vano !

Tsy ny fitafiana fotsy , tsy izany no mampiavaka,
Ka hisokajiana anao ho tena olona mivavaka.
Zavajavatra eto ivelany entina manaitra ireny.
(Mety ho famitahana aza raha hahitsy ny fiteny !)

Ahoana ilay niakanjo fotsy niedinedina toa vano ?
Hay ny tetika dia tsotra : ny hangataka tsodrano.
Tena tsisy tsy nihomehy ireo vahoaka tonga saina.
Io tokoa ilay nolazaina fa hoe "mbola hotsaraina" !

Ahoana ilay niakanjo fotsy dia niroboka nandihy ?
(Moa tsy toy ny vorompotsy ery amoron`ny farihy ?)
Sahona sy sahobakaka no sakafo sy mba hazany.
Ny handrapaka an`ireny no heveriny ho lazany !

Eny anaty fotaka izy no mazàna mihoerahoera.
Eny hatrany no mitady voninahitra sy dera.
Raha tsy izay dia indro indray fa toa somary miova lasy,
Manakaiky irony omby ka mitsaingoka parasy !

Aoka isika tsy ho sodokan`ny miakanjo fotsy lava,
Fa ny sasany amin`ireny dia sokajin`ny mpandrava.
Ampitso, hainy indray ny miova ho toy ny "volon`ny voasary",
Ka dia mitandrema isika f`io dia loko efa fanary !

***IRINA HO TAFITA (23-06-22)***

**PRIERE AU SACRE CŒUR**



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue. Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Ny Avo R.**

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka, Helisoa

Ny filoha Marc Ravalomanana mivady, nanatrika ny fankalazana ny Jobily faha-50 taonan' ny Mpitandrina Rakotojoely Bernard, tao Imerinkasinina Avaradrano





Ny kaominina Ambohidrapeto Antananarivo Atsimondrano, nizara mari-pankasitrahana ho an'ireo mpiasa mendrika tao amin'ny kaominina tamin'ny fankalazana ny fetim-pirenena.









Ny tafa tamin'ny mpanao gazety, nataon'ireo tompon'andraikitra ao amin'ny Fiangonana Moria Bemasoandro Itaosy ny sabotsy teo.





# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Isambilo, JC

**Ny TIM Toamasina nandray anjara tamin'ny matso natao tany amin'ny renivohitry ny faritra Atsinanana, noho ny fetim-pirenena ny alahady teo.**











**Ny Vehivavy TIM Analamanga, nizara fanomezana ho an'ny sahirana teny Ambohitrarahaba Avaradrano noho ny fetim-pirenena, fanomezana avy any amin'ny Vehivavy TIM Frantsa.**











Mahabo faritra Menabe

# Tsy mitombona ny fanenjehana ny depiote Leva

Ny zoma 17 Jona dia tonga namory olona tao Ankilizato faritra Menabe ny Justice et Paix avy ato Morondava, ka nanontany ny fototry ny tsy fandriampahalemana ao Ankilizato ary nilaza fa afaka hiaro ireo vahoaka, ka nisy ny olona nilaza fa efa tsy misy ny olana eo amin'ny ben'ny tanàna sy ny depiote, fa olona avy amin' ny ekipan'ny ben'ny tanàna no mpanao kidnapping sy vono olona ao Ankilzato, saingy tsy nanirahan'ny ben'ny tanàna azy ireo izany. Namaly koa moa ny ilany, nilaza fa tsy marina izany fa tsy mifanaraka ny ben'ny tanàna sy ny solombavambahoaka, ka izay ny fototry ny olana ao satria dia migadra avao izay ben'ny tanànan'Ankilizato tsy miray tendro amin'ny Depiote Leva. Zao za da mbola Depute leva koa



Ny depiote Leva (mitana micro).

no managadra ny ben'ny tanàna lanimbahoaka ary ny tena marina hoy ity lehilahy ity, depute Leva mivady no fototry ny tsy fandiampahalemana sy ireo vono olona eto Ankilizato. Teo moa dia saika sahirana ny ekipan'ny Justice et Paix, ka natao izay nandaminana ireo fokonolona, mba tsy hiteraka olana, ka dia nirava maina fotsiny ny fivoriana. Fa nohon'ny feo nivoaka teo amin'ny fivoriana dia nitory nohon'ny fanalambaraka azy ny solombavambahoakan'i Mahabo ; nohon'ny fivoahan'ny resaka teo amin'ny fivoriana teo ihany koa, izay nilaza fa isan'ny tompon'antoka sy nampamono renimpianakaviana iray tamin' ny 2015 izay renin'ilay olona notoriany i Depiote dia nitory ihany koa ny fianakavian'ny maty sasany ; ny sasany koa moa dia nijoro vavolombelona, fa noho ny tosi-drà izay nahavoa azy, no nahafaty azy izay raha tsiahivina dia maty niohoka tao anaty tatatra teny an-tanimbary ratompokovavy . Niakatra fampanoavana ny alakamisy avokoa moa ireto fitoriana ireto, ka naverin'ny fampanoavana eny amin'ny zandrary ny antotan-taratasy, izay nitory an'i Depiote Leva, satria dia tsy misy taratasy fanamarinana avy amin' ny mpitsabo sy ny mpitandro filaminana izay manambara fa maty novonoin'olona ratompokovavy ; izany hoe tsy mitombona ny fanenjehana an'i Depiote Leva fa nohon'ny adilahy politika fotsiny. Mikasika ny rahararaha fanalam-baraka, izay natao tamin'ny solombavambahoakan'i Madagasika izay voafidy tao Mahabo kosa, hiakatra fitsarana amin'ny 18 jolay ho avy izao izany.

**Niaina**

Olana ara-pivavahana

# Nanani-bohitra tao amin'ny Fiangonana Moria Itaosy ny FPVM

Tany am-piandohana dia vondrom-bavaka FPVM no niantombohan'ny tao Moria Bemasoandro Itaosy, Antananarivo Atsimondrano. Taona maro taorian'ny nitsanganan'ny vondrom-bavaka sy ny fiangonana dia natokana ho mpitandrina ara-dalàna araka ny fombampiangonana i Neny Josephine Razanamahefasoa mivady, izay nanorina ity fiangonana Moria ity. Taty aoriana anefa dia toa lasa nisy disadisa tampoka teo ary dia any amin'ny fahitalavitra no nahafantarana, fa tsy mpitandrina eo anivon'ny FPVM intsony i Neny Josephine. Niezaka nangina hatrizay ary nandefitra amin'ny maha-asa masina ny asan'ny fiangonana izy ireo ary nitoky tamin'ny tenin'Andriamanitra hoe: Jehovah hiady ho anareo fa ianareo kosa hangina. Nanomboka teo, satria tsy hay tohaina ireo kristiana naniry ny hitohy hivavaka tao amin'ity fian-



Ireo mpitantana ny fiangonana Moria Itaosy nitafa tamin'ny mpanao gazety.

gonana ity, dia lasa Fiangonana Moria Itaosy no anaran'ny fiangonana ary dia niezaka ny handefitra hatrany tsy hitohizan'ny disadisa izy ireo. Vokany, kristiana an'arivony maro no tonga miombom-bavaka ao amin'ny fiangonana Moria Itaosy ankehitriny. Saingy akory ny hagagan'ny rehetra ny faran'ny herinandro teo, raha nahita ny FPVM tonga nanani-bohitra tao amin'ity fiangonana Moria Itaosy ity, ary nanao amboletra hametraka mpitandrina ao amin'izany fiangonana izany. Vokany, nanapa-kevitra hivoaka tamin'ny fahanginana ny fiangonana Moria Itaosy, ka nampiantso mpanao gazety, mba ho fantatry ny rehetra ny tena zavamisy marina, dia ny fanaovana fihetsika feno fahasahiana hanakorontana ao amin'ity fiangonana, izay efa tsy mitondra intsony ny anaran'ny FPVM, ary efa miorina ara-dalàna sy ara-panjakana. "Ho anay eto anivon'ny fiangonana Moria Itaosy, dia fanaparam-pahefana sy didin'ny be sandry izao ataon'ny FPVM aminay izao, koa miantso ny tompon'andraikitra rehetra eto anivon'ny firenena izahay, ny ambaratongan-drafitra rehetra, mba hijery amin'ny maso tsy mitanila izao raharaha izao, ka handray fepetra amin'ny karazana fanakorontanana toy izao mihàtra amin'ny fiangonana Moria izao. Nijoro, mijoro ary hijoro hatrany ny fiangonana Moria Itaosy, ary tsy hanaiky ny hanararaotana fahefana, sy hampanjakana ny tsy fahamarinana eo anivon'ny fiangonana araka izao atao azy izao," hoy ny fanambaran'ireo mpitantana ity fiangonana ity.

**Stefa**

Efa vita ny fety

# Raim-pianakaviana mbola tratra nangalatra gisa

Tena maro no sahirana amin'izao fotoana, ka misy ny lasa manaotao foana mangalatra. Tranga iray tao Anosiavaratra Antananarivo Avaradrano omaly, raim-pianakaviana iray no tratra nangalatra gisa nefa efa vita ny fety. Tratra nangalatra gisa tao amin'ny fokontany Ambohitrinimanga, kaominina ambanivohitra Anosiavaratra, distrikan'Avaradrano omaly maraina. Lehilahy iray handeha haka vilona no nahita azy nilanja ilay gisa no sady kaodikaody, no niantso fokonolona avy hatrany. Nosamborina ilay raimpianakaviana, ary niaiky fa nangalatra ilay gisa, izay mponina eny an-toerana ihany ary efa natolotra ny polisim-pirenena.

**Niaina**



Ilay lehilahy tratra nangalatra gisa.

Bemanonga Morondava

# Tafakatra 8 ireo maty noho ny fihinanana soka-dranomasina

Ny alarobia lasa teo dia nisy mpihaza nihaza, ka nahita soka-dranomasina, izay efa maty tao amin'ny fari-dranomasina ao amin'ny fokontany Lovobe kaominina ambanivohitra Bemanonga distrikan'i Morondava faritra Menabe, nitondra izany niakatra tao an-tanàna ary nozaraina sy namidy teo an-tanàna. Ny faha- 23 jona dia maro ireo olona no efa nando sy nivalana, indrindra fa ny zaza, saingy noho ny fisian'ny zaza maty ny marainan'ny 24 iona vao taitra ny rehetra, satria maro ireo nalemy sy nando ary nivalana ka namonjy ny hopitaly manara-penitra tao Namahora. Ampolony maro ireo marary satria tamin'ny 10 ora maraina nandalovan'ny mpanao gazety teny an-toerana dia 45 marary ary 8 no maty izay zaza avokoa, vokatry ny fihinanana ity soka-dranomasina misy pozina ity. Mbola maro ireo taterina hiakatra amin'ny hopitaly. Nidina ifotony nijery ny zava – nisy ny avy ao amin' ny fitaleavam-paritry ny jono sy ny toekarena ato Menabe ary ny avy ao amin'ny zandarmiaria.

Na dia efa manao fanetanana sy fampahafantarana nataon'ny fitaleavam-paritry ny jono sy ny toekarena ato Menabe, noho ny fahasahiranan'ny olona kosa dia hohanin'ny olona izay hitany azo ho hanina, tena sahirana tanteraka ny olona mantsy amin'izao, ka tsy hahalala izay hahafaty azy intsony, satria raha iny faritra iny dia mivelona amin'ny jono sy fambolena, saingy indrisy fa ny toha-dranon'i Dabarà dia mipetraka fampanantenana poakaty hatramin'izao, ka tsy afaka mamboly ny olona.

**Rajepa**



Ankizy anisan'ny marary noho ny fihinanana ilay soka-dranomasina.

Bemanonga Menabe

# Niezaka nifety tamin'izay kely ananany

Toy ireo kaominina rehetra dia nankalaza ny fetim-pirenene ihany koa ny kaominana ambanivohitr'i Bemanonga ao amin'ny faritra Menabe, ka ny faha-22 jona teo no nanomboka ny hetsika. Nisy ireo fifaninanana maro isan-karazany toy ny hazakazaka ho an'ny lehilahy sy vehivavy, sy ireo kilalao isan-karazany, fa ny tena nampiavaka ny fankalazana ny faha-62 taona nahazoana ny fahaleovantena dia ny rindran-kira goavana izay niarahana tamin'ny tarika Mario. Natao izay hampifaly ny vahoaka hoy Ramatoa Lovatianamirana Gloria, ben'ny Tanànan'i Bemanonga, satria efa 2 taona izay no tsy afaka nankalaza ny fetim-pirenena ny Malagasy . Nanaraotra niresaka ireo fotodrafitr'asa ihany koa Ramatoa ben'ny Tanàna raha nitafa tamin'ny mpanao gazety, nilazany fa dia nisitraka fotodrafitr'asa maro ny kaominina Bemanonga, saingy toa misy olana avokoa izy ireo toy ny tranoben'ny serasera, eo koa ny fanaovana ny Oniversite izay efa nanolotra tany ny kaominina, saingy hatramin'izao dia tsy mandeha ihany ny asa. Eo koa ireo efitranon-tsekoly 2 manara-penitra izay tokony ho vitaina anatin'ny 3 volana, saingy indrisy fa mbola tsy vita. Koa manao antso avo ny Ben'ny Tanàna ny mba hahavitana azy ireny anatin'ny fialan-tsasatra izao, mba ho ampiasain'ny zanabahoaka izany amin'ny fidirana manaraka.



**Rajepa**

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE 25/06/2022 hatramin'ny 02/07/2022**

- **AMBODIVONA** (Ambodivona) 034 07 228 98
- **MAHAMASINA** (Mahamasina) 020 22 545 58/020 22 545 59/034 07 545 58
- **ISORAKA** (Isoraka) 020 22 285 04/020 22 694 12
- **CAPITALE** (Rond point Ankazomanga) 020 23 610 00/032 12 610 00/033 28 693 88/034 25 610 00
- **AMPANDRANA** (Ampandrana) 020 22 258 99 / 034 19 341 82

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40

Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 /
Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro
Vidiny: 300 Ar
Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo

TALEN'NY FAMOAHANA :
Rahelisoa A.
034 79 07600

MPANAO GAZETY

Politika:
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

Toe-karena :
Aly : 033 18 382 88

Kolontsaina:
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

Fanatanjahantena:
Lita: 033 41 557 69

Mailaka:
gvalosoa@yahoo.com
NATONTAN'NY
Imprimerie de la RN7

Fametrahana 1313-06-2022
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

**FANOFANANA MPIASA**

# Orinasa 2 hetsy no voakasiky ny fiaraha-miasan'ny FMFP sy ny CCIA



Orinasa miisa 2 hetsy no voakasiky ny fiaraha-miasan' ny FMFP: tahiry Famatsiambola Malagasy ho Fampiofanana ny mpiasa, sy ny CCIA, na ny Tranoben'ny Antenimieran'ny Varotra sy ny Indostria ary ny Fambolena amin'ny faritra Analamanga, vita Sonia ny herinandro teo tetsy Antaninarenina. Ireo orinasa ao amin'ny CCIA nahaloa latsakemboka no hahazo fiofanana ho fanatevenana ny fahaizamanaony ireo mpiasa ao aminy. Voafaritra ao amin'izao fifanarahampiaraha-miasa izao ihany koa ny fanamorana ny fisitrahan'ny orinasa ny famatsiam-bolan'ny FMFP sy ny CCIA. Nanasonia izao fifanaraham-piarahamiasa izao ny filohan'ny filankevi-pitantanan'ny FMFP, Rabearivelo Noelison, sy ny filohan'ny filankevi-pitantanan'ny CCIA faritra Analamanga Josephine Noro Andriamamonjiarison. Tsy misy fetrany izao fifanarahampiaraha-miasa izao, fa hitohy hatrany eo amin'ny andaniny sy ny ankilany, ho fanomezana fahafahampo eo amin'ny fanofanana sy ny famatsiambola ireo orinasa amin'ny faritra Analamanga.

***Aly***

Asa tanana sy hai-tao any Menabe

# Nidina ifotony any Manja ny ao amin'ny fitaleavam-paritra

Ho fampidirana ireo mpanao asa-tanana sy hai-tao ato Menabe amin'ny sehatry ny ara-dalàna, sy ho fampivondronana azy ireo dia manantanteraka fidinana ifotony ny ekipan'ny fitaleavam-paritry ny as-tanana sy ny hai-tao ato Menabe, izay tarihan'ny talem-paritry ny asa tanana sy hai-tao, Andriamatoa Johanesa Ernest, ka hitety ireo distrika dimy izay mandrafitra ny faritra Menabe ary hipaka hatrany amin'ireo kaominina ambanivoohitra rehetra, satria dia hita fa maro ireo mpanao asa-tanana any ambanivohitra. Tany amin'ny distrikan'i Manja no nanombohana azy izay natomboka ny alakamisy 23 Jona ny fidinana tany amin'ny distrikan'i Manja, ary haharitra hatramin'ny faha 30 Jona. Hisy ny fampivondronana sy ny fanentanana ireo mpanao asa-tanana sy hai-tao ao ao amin'ny distrikan'i Manja mandritr'izany.


***Rajepa***



*Tompon'andraikitry ny asa tanana any Menabe.*

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao) N° 398




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

## Valiny Teny Tondro (0397)


**Mitsivalana**

- Taona – RM
- Atrika
- Nay – RN
- Tongotra
- Avia (miv)
- Sainay
- Iza ? – Mino

**Mitsangana**

- Tantely
- Atao
- Orinasa
- Ny – Gia
- Mivoaka (miv)
- Tany
- RR – AN
- Manadio

## TENY MIFANAPAKA N° 398




**Mitsivalana**

**1.** Mpivarotra **2.** Tsy lafo (miv) – Kianteny – Tsofoka **3.** May azon'afo **4.** Sakafon-jaza (miv) **5.** Fifanarahana – Dada, Aba **6.** Malot (miv) – Tsirin-teny Mpifanao **7.** Anio **8.** Tampisaka (miv) – Poteho amin'ny laona sy fanoto (miv) **9.** Niambina – Solfa (miv) **10.** Anelanelan'ny zato – Rano mandeha

**Mitsangana**

**A.** Mihodin-kodina **B.** Foto-tsakafo (BL) – Fanekena – Ila, iry (miv) **D.** Savoritaka **E.** Tolorana – Lalam-pirenena (miv) **F.** Ohatra (miv) – Fandraisana anjara **G.** Marina – Ranom-bava **H.** Firinga – Simba sy rava (BR) **I.** Kamban-telo – Mpanondro **J.** Ao amin'ny Baiboly – Loko (BL) **K.** Tovona (miv) – Vazana – Fahita lavitra

## Valiny Teny mifanaraka 0397

**Mitsivalana**

**1.** Valy - Sakay **2.** Olombelona **3.** Lahatra - Fo (miv) **4.** Mama (miv) - Saha (miv) **5.** No - Aina - In **6.** Or(ana) - Ady **7.** Ody - Niasa **8.** TT - Soa - Nao **9.** Roa - Fa **10.** Akariny - Zo

**Mitsangana**

**A** Volana - Tra **B.** Alamo - Koto (miv) **D.** Loha - Do (miv) - AA **E.** Siramamy (miv) **F.** BT - Osy **G.** Seranana **H.** Alahady - Fy **I.** K.O - Anay (miv) **J.** Anosy - Sa **K.** Fay (miv) - Ntaolo

## NY TENY FIAINANA

Ny Baiboly Malagasy

*"Fahavetavetana eo imason'i Jehovah ny làlan'ny ratsy fanahy; fa izay fatra-panaraka ny fahamarinana no tiany."*

***Ohabolana 15:9***

**RUGBY VEHIVAVY**

# Nahazo ivontoerana ho azy ireo ny Makis Ladies 7s

Nahazo ivontoerana ho azy ireo ny mpilalao rugby vehivavy Malagasy "Makis Ladies 7s", ho fampahafantarana an'ireo mpilalao mandrafitra ny Makis vehivavy ankehitriny, izay hiatrika ny fiadiana ny ho tompondaka eran-tany eo amin'ny rugy lalaovin' olona 7, ho tanterahina atsy Afrika Atsimo amin'ny volana septambra 2022 ho avy izao. Notokanana tamin'ny fomba ôfisialy tamin'ny alakamisy 23 jona 2022 teo, tetsy amin'ny Arkadia Analakely izany, nitarika ny lanonana ny filohan'ny Malagasy Rugby, Rakotomalala Marcel, notronin'ny solontenan'ny Minisiteran'ny Tanora sy Fanatanjahantena Malagasy, ireo mpikambana ao amin'ny" Exco de Malagasy Rugby", ny ben'ny tanànan'Ambohibao Antehiroka sy ireo mpanakanto vitsivitsy, ka anisan' izany i Fiahy mpamorona ny hira "chanson officielle des Ladies Makis 7s". Nanentana ny tsara sitrapo rehetra, amin'ny fanohanana, na tolotanana, ho an'ireto maherifontsika ireto ny filohan'ny Malagasy Rugby, nandritra an'ity hetsika ity.



*Ny fanokanana ny ivontoerana ho an'ny Makis Ladies 7s.*

***Rainilita***

**ASIEF Volley-ball Analamanga 2022**

# Hiditra eo amin'ny lalao ¼-dalana amin'ny 9 jolay izao

Hiditra eo amin'ny lalao ¼-dalana amin'ny sabotsy 09 jolay 2022 ny fifaninanana « Championnat Régional de volley-ball Asief Analamanga 2022 », ka etsy amin'ny kianja "LTC Ampefiloha", hanomboka amin'ny 8 ora maraina, no hanatanterahina an'izany. Toy izao aloha ny "Classement Provisoire" an'ireo vondrona 3 amin'ity fifaninanana ity :

Vondrona A : 1°-Prm (manana isa 18), 2°-Mdn (isa 13), 3°-Senat (isa 13), 4°-Justice (isa 11) mbola manana lalao iray hifanandrinany amin'ny Jirama, 5°-Cua (isa 10), 6°-Jirama (isa 09) mbola manana lalao iray hifanandrinany amin'ny Justice.

Vondrona B : 1°-Mef 1 (manana isa 15), 2°-Men (isa 13), 3°-Mjs (isa 11), 4°-Assemblée Nationale (isa 08), 5°-Maeh (isa 03.

Vondrona C : 1°-Paoma (manana isa 15), 2°-Mef 2 (isa 11), 3°-Santé (isa 09), 4°-Mesupres (isa 09), 5°-Medd (isa 06), 6°-Université (isa 04).



*Volley-ball Analamanga.*

***Rainilita***

**Tetikasa « Culture and Judo in School »**

# Mielimpatrana amin'ny tanàna maro manerana ny Nosy



*Judo in School.*

Mielimpatrana amin'ny tanàna maro manerana ny Nosy ankehitriny ny tetikasa " Culture and Judo in School" », ampianarana ifotony ny taranja judo, sy ampitana ny kolontsaina mifanaraka aminy ary ho entina hibanjinana ny fifaninanana judo avo lenta. Ity tetikasa ity, izay tohanan'ny " Fédération Malagasy du Judo" sy ny Ambasadin'i Japon eto amintsika ary ampiroboroboin'i Me Ranjatoson Antsa , 6 ème dan, no niketrika namorona azy ary mbola mitantana izany sy mampiroborobo azy io ankehitriny.

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



Tao aorian'ny fety, rondrony indray no Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Rona henomby sy anamamy ary angivy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahaliana

## Ny tanànan'Imerimandroso any amin'ny distrikan'Ambatondrazaka faritra Alaotra Mangoro




Ny tanànan'Imerimandroso any amin'ny distrikan'Ambatondrazaka faritra Alaotra Mangoro indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Imerimandroso ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 20 mandrafitra ny distrikan'Ambatondrazaka. Azo lazaina ho efa avo toerana izy satria 778 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Any afovoany atsinanan'ny faritra Alaotra Mangoro no misy azy. Misy fokontany 9 ny kaominina Imerimandroso. Manakaiky ny farihin'Alaotra izy. Renirano ao amin'ity kaominina ity koa ny reniranon'i Lovoka sy Kelivava. Vokatra any ny vary, ny anana isan-karazany, ny haninkotrana toy ny mangahazo, ny katsaka. Mpanjono koa ny mponina any Imerimandroso.

**Madame ELYA**

Mitsabo sy mikarakara TAOVAMPANANAHANA LEHILAHY, vatana malaindaina, hozatra, diabeta.

Massage RELAXANT, REFLEXOLOGIE.

Mitsabo ny aretina rehetra amin'ny alalan'ny otra

**Tél. 0322495332 - 0347867979.**